



## **FANAMBARANA**

Naharay tatitra avy amin'ny Masoivoho malagasy any Addis-Abeba ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny mahakasika ny tranga fahafatesana teratany malagasy telo mianaka ny Sabotsy 11 martsa 2023 tany Alexandrie Egypte.

Ny Minisitera izay tarihin'i Ramatoa Minisitra SYLLA Yvette dia miondrika am-panajana manoloana izany fahoriana izany ary mankahery ny fianakaviana niharam-boina.

Efa mifandray amin'ny Fanjakana egyptianina ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny amin'izao fotoana izao ary mifanome tanana sy manampy ny fianakaviana amin'ny fikarakarana rehetra. Anatin'izany ny fanamorana ny fampodiana ireo razana eto an-tanindrazana izay iantohan'ny toeram-pianarana nanasa azy ireo.